

Rakotonirina
Setefana na i
RASTEFA

Anisan'ny mpanjakan'ny vazo miteny i Rastefa na i Rakotonirina Setefana. Tsy dia fantatr'ireo tanora malagasy amin'izao fotoana izao izy. Nodimandry izy ny 22 Mey lasa teo ary efa nalevina tamin'ny 25 Mey 2017.



FILAZANA MANJO

Amin'ny finoana ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty no ampandrenesanay fa ny hava-malalanay :

**RAKOTONIRINA**
**Setefana**
**(RASTEFA)**

dia nantsoin'ny Ray hody any Aminy ny 22 Mey 2017 rehefa nivahiny 62 taona teto an-tany.

Hoy :

**Ny vadiny :**
RAZANAMAVO Jeanne Marie Goretti

**Ny zanany :**
RAKOTONIRINA Zo Tsihosena sy Chantal
RAKOTONIRINA Bodoarivola sy Doris
RAKOTONIRINA Mamarataonjato
RAKOTONIRINA Volana

**Ny zafiny :**
RAKOTONIRINA Tsiky Valisoa
RAKOTONIRINA Fitiarisitraka Diamondra
RAKOTONIRINA Zo Nihasimpirenena
RAKOTONIRINA Avo Hery Arovana Hana

**Ny anabaviny :**
RANIRIMANDIMBY Bakoly sy ny zanaka aman-jafiny

**Ny zanak'anabaviny :**
RAHARIMAMY Vahininiaina

**Ny havany :**
Ny tarana-dRasolo Johanesa sy Razanajaza ao Ambanimaso

Ny fiangonana FJKM Ambatolahy, boriboritany Iarindrano
Ny fianakaviana manontolo.

Ny nofony dia hiala ao an-tranony ao Ampotamainty Fandrandava ny 25 Mey 2017 amin'ny 1 ora tolakandro, hentina atao veloma farany tao amin'ny FJKM Ambatolahy, alohan'ny nametrahana azy ao amin'ny fasan-drazany.

Ity manaraka ity misy asa-sorany, tsy ho faty mandrakizay. Raha sendra kivy ianao io dia vakio sy henohy tsara ary aza manaiky resy mora foana. I Ratsefa no lasa fa ny asa kanto nataony mitoetra mandrakizay. Ary izy dia mandry am-piadanàna eo am-piandrasana ny fitsanganan'ny tenany amin'ny maty araka ny finoana krisitianina rehetra maneran-tany mino an'Andriamanitra iray sy tokana ihany.

**Jeannot Ramambazafy**




**TSY KIVY**

Fa ny hariva, harivan'ny ririnina, mamirifiry mila tsy ho tanty
Ny fahoriana sy ny adim-piainana mavesatra toa mila tsy ho zaka
Ny tenanao manify dia manify tsy mahita e, ny fiadanana mba revinao
Fa tandra vadin-koditra mipetaka madity ny adin-tsaina izay mangeja anao

Izay rehetra aleha toa sahona maneno, ny vita mila hanenenanao
Ny feo miantso ts'isy mba mihaino e, tsy misy valiny io hatramin'izao
Tsy kivy anefa ianao fa mikaroka hatrany, ny lalana izay mba hizoranao
Ny lasanao rehetra tsy mba maty akory izany, fa hitarafana ny ho avinao

Iza no tia, ka iza no tsy tia? Ezaho ka fantarinao hatrany
Iza no afaka mba hiara-dia e, hialao pa akia izay be vinany
Ka ny safosafo, safosafon'olon-tiana e, hitondra hafanana ho anao
Fa ny tsikitsiky, tsikitsikin'olon-tiana e, hanaisotra ny hatezeranao.

Ny lambolambo sy ny tampi-maso e, fomba efa fanao hatramin'izay
Ka nampitomany nandatsa-dranomaso, tonga saina ianao ka aoka izay
Ny vintana ny lahatra ny anjara sy ny sisa e, ianao tsy mba mivaky loha amin'izany
Tsy manaiky resy, tsy manaiky akia ra sipa e, araho tsikitsiky ny tomany.

**RASTEFA**